# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Novambra 2018

# 23 Zoma novambra

**Aoka ho velona ny fonareo, ry mpitady an'Andriamanitra.** Salamo 69. 32

**Tsy tao amin'ny mangingina, dia tao amin'ny fitoeramaizina amin'ny tany, no nitenenako ; Izaho tsy niantso ... hitady Ahy foana ; Izaho Jehovah no miteny ny marina sy manambara ny mahitsy.** Isaia 45. 19

**Raha mitady Azy ianao, dia hahita Azy.** 1 Tantara 28. 9

## Mangataka famantarana hoe ? (1)

„Tsy nila an'Andriamanitra aho. Nampianarin'ny raharaha miaramila aho hiantehitra amin'ny tenako, amin'ny herin'ny sitrapoko, amin'ny tahirin-kery anaty ananako. Tafavoaka tsara aho, na tsy nisy Azy aza. Na izany aza anefa, dia te hahafantatra ihany aho raha misy Andriamanitra na tsia. Raha zohina, angamba tena misy ihany tokoa Izy.

Nandany fotoana maro aho nisaintsaina izany fanontaniana izany. Indray andro, niresaka izany tamina namako iray aho, ka hoy izy : „Nahoana anie ianao no tsy mangataka amin'Andriamanitra mba homeny famantarana manaporofo ny fisiany e ?" Dia nivavaka avy hatrany tamin'Andriamanitra aho mba homeny famantarana mampiharihary ny fisiany. Koa nilazako Izy mba hamoha ahy amin'ny iraika ambin'ny folo, nefa eo anelanelan'ny amin'ny fito sy amin'ny valo no fifohazako isanandro, tsy misy famoha mandry. Naverimberiko imbetsaka izany fangatahana izany, nefa tsy nisy vokany. „Tsy misy izany Andriamanitra", hoy aho anakampo. Saingy nifanena tamina kristiana iray aho, nilaza tamiko hoe : „Tsy hanaporofo aminao ny fisiany Andriamanitra. Tiany ianao hanao dingana hanatona Azy". Tsy nanaiky izany aho, kanefa nampieritreritra ahy fatratra ny teniny.

Andro vitsivitsy tatỳ aoriana, irery tao an'efitranoko aho, nanokatra Testamenta Vaovao, ary nangataka tamin'Andriamanitra hoe : „Raha misy tokoa Ianao, dia asaivo sokafako eo amin' izay pejy tianao hovakiako ity boky ity". Dia nosokafako kisendrasendra ilay boky, ka niantefa tamin'izao soratra izao ny masoko : „Ity taranaka ity ... mitady famantarana... ; nefa tsy hisy famantarana homena azy, afa-tsy ny famantarana ny amin'i Jona" (Lioka 11. 29).

Talanjona aho. Takatro fa tsy tokony hitady famantarana aho. Ny Tenin'Andriamanitra no valiny. Ankehitriny dia anjarako ny manao dingana, ny dingana ho amin'ny finoana."

*Yossi (hitohy)*